

# JOURNÉE MONDIALE DE PRIÈRE ET DE RÉFLEXION CONTRE LA TRAITE DES PERSONNES

8 FÈVRIER  
FÊTE DE  
SAINT BAKHITA



UNE LUMIÈRE CONTRE  
LA TRAITE DES PERSONNES

# JOURNÉE MONDIALE DE PRIÈRE ET DE RÉFLEXION CONTRE LA TRAITE DES PERSONNES

## VAVAKA ATAO AMIN'NY ALALAN'I

**Mb Josephine Bakhita.:**

Ry masimbavy Josephine Bakhita, fony mbola zaza ianao dia namidy toy ny ho andevo ka tsy maintsy niatrika zava-tsarotra sy fijaliana tsy roa aman-tany.

Raha vao afaka tamin'ny fanandevozana ara-batana ianao, dia nahita ny fanavotana marina tamin'ny fihaonana tamin'i Kristy sy ny Fiagonany.

Ry masimbavy Josephine Bakhita, ampio ireo rehetra voagejan'ny fanandevozana.

Mitalaho amin'Andriamaniry ny famindram-po amin'ny anaran'izy ireo, mba hivaha ny tohivakan'ny rojo matotra azy.

Enga anie Andriamanitra mihitsy no hanafaka ireo rehetra ianjadian'ny fampihorohoroana, ratra sy fampijaliana isankarazany vokatry ny fivarotana sy fanondranana olona an- tsokosoko an-kerisetra.

Hamaivano ny fijalian'ireo sisa tsy maty fo aman'aina nandritra ny fanandevozana ary ampianaro izy ireo handray an' i Jesoa ho modelin'ny ny finoana sy fanantenana, mba ho sitrana ny ratrany.

Mitalaho aminao izahay hivavaka sy hanelanelana ho anay rehetra :

Mba tsy ho latsaka amin'ny tsy firaharahiana ny hafa izahay,

Mba hanokatra ny masonay izahay ka ho afaka hahita ny fahoriany sy ratra mianjady amin'ny rahalahy sy anabavy marobe, tsy afaka misalotra ny fahamendrehany sy ny fahafahany.

Hihaino ny hiakan' ireo mila fanampiana anie izahay.

**Amen.**